ANKATSO, AMBOLOKANDRINA, AMBOHIPO, HCC

# Tsy misy propagandy izany aloha, mitohy ny fitakiana

Nitohy teny amin'ny Boriboritany faharoa eto Antananarivo renivohitra omaly, ny hetsika fitakiana am-pilaminana nataon'ny vondron'ireo kandidà miisa 11: teny Ankatso, Ankatso II, Ambolokandrina ary Ambohipo. Nisongadina nandritra izany, fa tsy misy propagandy izany eo, raha tsy mivaly ireo fitakiana, noho izany mitohy hatrany ny hetsika fitakiana an-dalambe ao anaty filaminana hatrany. Ankoatra ireo kandida 11, tonga nanatevina ny hetsika koa ny mpanakanto malaza isany: Dama Mahaleo, sy i Bodo, teo koa ireo depioten'i Madagasikara maro miara-dia amin'ny vondron'ireo kandidà. Nasongadin'ireo nandray fitenenana teny antoerana fa:" izahay tokinareo, ary ianareo tokinay," hoy izy ireo. Izao hetsika izao no atao dia ho fananganana Firenena mendrika ny Malagasy, ho fananganana firenena vanona, ho fampijoroana tany tan-dalàna, ho fanorenana Firenena miorina ambony lalampanorenana ary ho fampijoroana Firenena manandratra ny kolontsaintsika Malagasy.

Tao aorian'ny teny amin'ny Boriboritany faha-2, namaly ny antso nataon'ny HCC azy ireo, ireo kandidà, tsy tonga niatrika izany kosa ny kandidà Andry Rajoelina. Nitondra ny tenin'izy ireo tao aorian'ny fihaonana tamin'ireo mpitsara avo ny kandidà Paraina Auguste. Nambarany fa rehefa nampiantso ny HCC dia efa nahafapo azy ireo, nisy fifampihainoana. Nifampiresaka momba an'iny fanambaràna nataon'ny filohan'ny Antenimierandaholona iny izahay hoy izy, hoe: nisy faneriterena sy fandrahonana tao. Dia inona izany ny fanapahan-kevitra ho raisin'ny HCC ? Tsy misy valiny izao dia izao akory. Naverinay hoy ny kandidà Paraina Auguste, fa izahay kandida 11 dia mitady zavatra milamina sy manara-dalàna. Tsy mampaninona anay ny kandida iray na efa manao propagandy aza, izahay tsy mifanenjika amin'izany, fa ny anay dia hoe efa nisy zavatra niova ve ? Mitaky foana izahay ny fanarahan-dalàna, fifidianana tsy mitanila sady eken'ny rehetra.



*Ny sasany amin'ireo kandidà 11, teny amin'ny Boriboritany faharoa.*

*Isambilo*

Serge Jovial Imbeh

# Miray fo tanteraka amin'ny kandidà 11 ny antoko AFIMA

***TAFARESAKA TAMIN'NY MPANAO POLITIKA, FILOHAN'NY AFIMA: ANTOKY NY FIVOARAN'NY MALAGASY, SERGE JOVIAL IMBEH, MALAGASY MONINA ANY IVELANY FA MANARAKA AKAIKY NY RAHARAHAM-PIRENENA ETO AMINTSIKA NY GAZETY NY VALOSOA VAOVAO. DINIDINIKA:***

**-Gazety Ny Valosoa Vaovao (GNVV):** manao ahoana ny fahitanao ny raharaham-pirenena eto Madagasikara amin'izao fotoana?

**-Serge Jovial Imbeh (SJI):** betsaka ny zavatra efa nandalovan'ny firenena, fa ity indray mitoraka ity kosa dia zavatra tsy mbola nisy teo amin'ny tantarany firenena. 11 candidats be izao, no mitambatra satria mahita ny zavatra tsy mety rehetra misy eo amin'ny firenena, indrindra ny mikasika ny fifidianana. Efa nisy io tolona io tamin'ny taona 2018 nataon' ireo 26 candidats ary efa nangataka ny fifidianana mangarahara sy madio tamin'izany.

5 taona aty aoriana dia mbola miverina ihany ilay fanao. Efa nolazaiko hatramin'ny ela, fa tsy hisy filaminana eto amin'ny firenena raha tsy mangarahara sady madio ny fikarakarana ny fifidianana rehetra. Ny loza dia ny andrim-panjakana rehetra mikarakara izany mihintsy amin' izao no tsy ananan'ny vahoaka fahatokisana intsony.

Latsaka ankaterena ary ao anaty kihondalana mihintsy i Madagasikara, ka anjarantsika vahoaka no manova raha te hanova marina ho any amin'ny tena fampandrosoana marina. Mampalahelo ny zava-miseho, satria fifanankalozan-kevitra ny moana sy marenina no misy. Aoka anefa tsy hodian-tsy hita fa ireo 11 candidats ireo anie no manana ny atao hoe MAJORITÉ fa tsy ny olon-tokana e!

Tsy misy afa-tsy ny latabatra boribory ihany no hahafahana mandravona izao disadisa izao. Nefa kosa tiako ny manamarika eto, fa sarotra dia sarotra no mbola hirosoana amin'izany satria ao ny rà latsaka, herisetra,…

**-GNVV:** nisy tokoa ny fisamborana nandritra ireo hetsika nataon'ny vondron'ny kandidà 11 ireo, inona no azonao lazaina ny mahakasika izany?

**-SJI:** izay no hataoko hoe tsy mahay mandray lesona isika satria rahonana foana izay tsy mitovy hevitra. Raha tsy izany dia samborina. Tsy mahay mandray lesona ary tsy mijery ny tantara niainan'ny firenena. Ampiasaina ny fitsarana anaovana izao rehetra izao. Samborin'ny Zandary ny olona tsy meloka, fa tsy ny dahalo no enjehiny.

Tsy ary hitovy hevitra aminao daholo ny olona, ka tokony hahazaka ny fanehoankevitry ny hafa indrindra ny zavatra misy amin'izao, satria ampilaminana tsara ny fizotry ny fitakiana. Tsy misy trano may, na varotra voaroba sahala amin'ny hitantsika tamin'ireny 2009 ireny.

**-GNVV:** nanomboka tamin'ny tata teo ny fampielezan-kevitra, fa manao ny hetsika fitakiany koa ny vondron'ny kandidà 11, azo tanterahana ve io fifidianana filohampirenena amin'ny 9 novambra io?

**-SJI:** fifidianana ahoana no tadiavintsika ? mangarahara, madio ary ekeny rehetra. Nefa tomombana ve ireo fepetra ireo? TSIA ny valiny. Ka noho izany maninona ary raha miaramidinika hahafahana manantanteraka izay.

Mieritreritra ve ny fitondrana, fa ny fanaovana fifidianana amboletra no mampilamina ny firenena ? ambava homana, am-po mieritreritra.

Raha te hametraka zavatra tsara ho an'ny taranaka isika dia andao hifampidinika ary hifanome tanana, handaminana ny zavatra tsy mety rehetra. Matoa atao amboletra ny fifidianana dia fahatahorana ny marina, madio , ary mangarahara no be indrindra.

Lazaina fa ny lalam-panorenana no tsy maintsy manery hanaovana fifidianana. Efa nivoaka ny cadre constitutionnel anie isika nanomboka tamin'ny desambra 2022, satria aoka tsy ho hadinontsika ny motion de censure ny 105 deputés. Natao amboletra fotsiny ny fanajanonana azy na dia tsy araka ny lalam-panorenana aza.

Eo ihany koa ny coup d' état institutionnel nahazo ny filohan'ny Antenimierandoholona. Hitantsika ireny fanambarana navoakany ireny. Izany hoe isika izao efa hors cadre constitutionnel.

**-GNVV:** manao ahoana kosa ny antoko tarihanao ny AFIMA, sy ny fiainam-pirenena?

**-SJI:** ny antoko AFIMA manokana izay tarihiko dia manohana tanteraka ny fitakian'ireo 11 candidats ireo, satria zavatra efa nangatahinay io tamin'ny taona 2018. Ary manentana ny olom-pirenena rehetra handray ny andraikiny amin'izany fitadiavana ny fifidianana madio, mangarahara ary eken'ny rehetra izany. Mitady aina vaovao ny firenena ary mitady fampandrosoana haingana.

*Nangonin'Isambilo*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fampanajana ny lalàna velona

## Tsy hitsahatra sy hitombo hatrany ny hetsi-pitakiana

Herinandro mahery, ary valo andro taorian'ny teny amin'ny vohitr'Itaosy Atsimondrano iny, no nisian'ny hetsika lehibe fanoherana ny tsy fisian'ny fanajàna ny lalàna eto amin'ny firenena, sy ny fitanilan'ireo rafitra napetraka hisahana ny momba ny fifidianana, dia ny HCC sy ny CENI. Niitatra ary nitombo ny andro fanoherana notarihin'ny Vondron'ny Kandidà 11, ary mendri-piderana tokoa izy ireo, fa teo hatrany isan'andro isan'andro, eny na dia tratry ny herisetra sy naratra aza ny filoha Ravalomanana Marc ny sabotsy lasa teo, dia mbola tonga teny Itaosy ihany ny tenany, tonga teny Anosibe, teny Ankatso, nandeha an-tongotra ary niaraka tamin'ireo kandidà namany hafa, ary hita ho mbola mavitrika tokoa. Mbola hiitatra sy hitombo io hetsika io raha tsy misy ny fiovàna amin'ny resaka fampiharana lalàna sy ny momba ny fifidianana mampanjaka ny tsy rariny sy ny tsy hitsiny tao anaty andro maro izay. Mazava loatra, fa sarotra ny fanatanterahana fampielezankevitra sy indrindra ny fifidianana raha izao toe-javamisy izao no mitohy. Tsy azo heverina velively ny hisian'ny fifidianana mangarahara sy madio ary eken'ny rehetra.

Tsy nihanona fotsiny amin'ny hetsika teto Antananarivo ny hetsi-pitakiana fampanajàna ny lalàna, fa niitatra tany amin'ny faritany sy faritra samihafa manerana ny Nosy ihany koa. Anisan'izany, ohatra, ny toy ny tany Toliara sy Mahajanga ny Sabotsy lasa teo, ny tany Antsirabe, Mananara Avaratra,... Raha ny fahitana ny fivoaran-draharaha, dia hitombo hatrany izany hetsika manerana ny Nosy izany, raha mbola mitohy ny fihetsika mamohehitra atao eto amin'ny firenena nanoloana izany, toy ny fampiharana herisetra sy fandratrana, fandatsahan-drà, ary fisamborana olona. Niaraha-nahita ny fitomboan'ny olona isan'andro tao anatin'izay herinandro mahery izay, tamin'ny toerana nanaovana hetsika teto Antananarivo. Hanao izany koa ny any faritra sy faritany rehetra manerana ny Nosy, raha mbola misy ny fizirizirìana sy fanaovana di-doha na toe-tsaina "jiolahim-boto".

Mitodika aty Madagasikara ny mason'izao tontolo izao manara-maso akaiky ny fivoaran'ny toe-draharaha. Miparitaka ny fampitam-baovao momba ny hetsika tarihin'ireo kandidà 11 ary ireny mivoaka amin'ny fampitam-baovao vahiny ireny. Hanerana izao tontolo izao ny zava-misy eto Madagasikara hahalalany ny fanitsakitsahana ny Lalampanorenana sy ny lalàna velona eto amin'ity firenena ity, sy ny famoretana ny vahoaka midina an-dalambe am-pilaminana, ary hanosihosen'ny zandary sy ny lehibeny ary ny mpibaiko azy ireo indrindra indrindra ny demôkrasia. Noharatsian'izy ireo eo imason'izao tontolo izao araka izany ny sarin'i Madagasikara.

Tsy mitsaha-mitombo sy miitatra araka izany izao hetsi-panoherana ny tsy fanekena marindrano ny kandidà frantsay hirotsaka amin'ny fifidianana filoham-pirenena izao. Ny vahoaka rahateo efa tapakevitra tanteraka ny amin'izany hatramin'ny farany, ary tsy hihemotra velively.

*Sôh'son*

Masoivoho Amerikana

# Miantso ny governemanta hanaja ny fahalalahan'ireo kandida rehetra

Misy ny fanambaran'ny Masoivoho amerikana momba ny fifidianana malalaka, sy madio mandritra ny fotoana fampielezan-kevitra ofisialy atao eto Madagasikara :

"Niditra anatin'ny vanim-potoanan'ny fampielezan-kevitra ofisialy i Madagasikara ny 10 Oktobra teo, ka manentana ny governemanta iaraha-mitantana sy ny kandidà rehetra i Etazonia, mba hanao ny ezaka rehetra hanohanana ny fifidianana malalaka sy madio ary koa zotram-pifidianana eken'ny rehetra sady atokisan'ny mpifidy sy ny olom-boafidy. Zavadehibe amin'ny kalitaon'ny fitantanana ny firenena ny fifidianana. Ny fifidianana dia na hampandroso na hampihemotra ny fampandrosoana ara-demokratika, sy ara-toekarena maharitra ao amin'ny firenena iray. Ny foto-kevitra fototra mamaritra ny fifidianana malalaka sy madio dia ny tsy maintsy hisian'ny tena fifaninanana arapolitika ary ny tsy maintsy hahitana taratra ny fahalalahana maneho ny safidimbahoaka.

Mba hahatongavana amin'izany, ny governemantan'i Madagasikara dia tokony hanaja ny fahalalahana maneho hevitra sy ny fahalalahan'ireo kandida rehetra sy ireo mpiara-dia aminy hivory am-pilaminana, ary tokony hanome azy ireo ny fitoviana amin'ny fisitrahana ny haino aman-jery sy ireo toerana fanaovana fampielezan-kevitra. Miantso ireo kandidà rehetra izahay mba hitandro ny filaminam-bahoaka rehefa hampahafantatra ny fandaharanasany sy haneho ny heviny amin'ny alalan'ny hetsika famoriam-bahoaka, sy fampielezan-kevitra tanterahana am-pilaminana izy ireo. Zo feno ananan'ny vahoaka Malagasy ny hahafahany mandinika ny ho safidiny ao anatin'ny tontolo milamina sy azo antoka mialohan'ny hanehoany izany safidiny izany amin'ny alalan'ny latsa-bato ny 9 novambra.

Nandritra ny fihaonan'ny Filoha Amerikana Biden tamin'ireo mpitondra Afrikanina, tamin'ny fihaonana an-tampony Etazonia-Afrika, dia nanamafy ireo mpitondra miisa enina, ka anisan'izany ny an'i Madagasikara ny fahavononany hanatanteraka fifidianana malalaka sy madio, anaty zotram-pifidianana mangarahara ary koa tantanina vaomieram-pifidianana mahefa sy mahaleotena, sy tsy mitanila araka izay voafaritry ny Sata Afrikana momba ny demokrasia, ny fifidianana ary ny fitantanana. Nohamafisin'ny Filoha Biden, fa i Etazonia dia manamafy hatrany ny finiavany hanohana ny zotram-pifidianana, mba hanamafisana orina ny demokrasia aty Afrika. Mijoro miaraka amin'ny vahoaka Malagasy i Etazonia amin'ny safidiny ny amin'izay hitondra ny fireneny." hoy ny Ambasadaoro Amerikana Claire Pierangelo.

*Nangonin'Isambilo*